

# MANAO FANDRARANA MAMPIASA

## "do not" / "don't"

Amin'ny teny Anglisy, dia ny "do not" na ny "don't" no teny ampiasaina entina manao fandrarana hanao zavatra. Mitovy ihany ny heviny saingy ny "don't" dia endriky nahohezina avy amin'ny "do not". Tahaka ny fampiasana ny teny hoe "aza" amin'ny teny Malagasy no ampiasana azy ao anaty fehezanteny. Noho izany, dia eo amin'ny fiandohan'ny fehezanteny manao fandrarana no tena hahitana azy amin'ny ankapobeny.

### Examples

- Do not spend your time watching TV and chatting on Facebook. You have to revise your lessons. / Aza laniana amin'ny tele sy Facebook ny fotoananao fa tokony hianatra lesona ianao.
- Do not use my laptop unless I tell you. / Aza ampiasaina ny ordinaterako raha tsy miteny aho.
- Please, do not smoke in this area. / Aza mifoka sigara amin'ity faritra ity, azafady.
- Do not think too much about it. / Aza miheritreritra be loatra amin'izany.
- Do not tell him anything, please. / Aza miteny na inona na inona aminy, raha mety.

Amin'ny ankapobeny, dia ny "don't" no tena fampiasa raha miteny.

- Don't forget your passport. / Aza adinoina ny pasipaorona.
- Don't worry about your future. / Aza manahy amin'ny ho avinao.
- Don't do this again, okay? / Aza mamerina izay intsony, azo?
- Just don't touch my clothes. / Aza kitihana fotsiny ny akanjoko.
- Don't come out of the house unless your parents tell you. / Aza mivoaboaka ny trano raha tsy miteny ny ray amandreny.

Raha toa ka mpamari-toetra na teny hafa ankoatra ny verb no manarakaraka ny "don't" dia tsy maintsy arahany ny verb "to be" izy ao anatin'ny fehezanteny.

- Don't be lazy. / Aza kamo.
- Don't be late again next time, please. / Aza tara intsony amin'ny manaraka, azafady.

**spend:** mandany

**time:** fotoana

**watch:** mijery

**TV:** televiziona

**chat:** miresaka

**have to:** tsy maintsy, tokony

**revise:** mamerina mijery

**lesson:** lesona

**use:** mampisa

**laptop:** ordinatera finday

**unless:** raha tsy

**tell:** miteny

**smoke:** mifoka sigara

**area:** faritra

**think:** miheritreritra

**too much:** loatra

**tell:** miteny

**anything:** na inona na inona

**please:** azafady, raha mety

**forget:** manadino

**passport:** pasipaoro

**worry about:** manahy, matahotra

**future:** ho avy

**do:** manao

**again:** indray

**touch:** mikasika, mikitika

**cloth:** akanjo

**come out:** mivoaka

**house:** trano

**parents:** ray amandreny

**lazy:** kamo

**late:** tara

**next time:** manaraka

- Don't be in a rush, you can do it tomorrow. / Aza maika, fa azonao atao rahampitso io.
- Please, don't be too harsh on her. / Mba aza dia masiaka be loatra aminy.

**in a rush:** maika

**can:** afaka

**tomorrow:** rahampitso

**too:** loatra

**harsh:** masiaka, enjana

Anglais Français en Ligne